# Ilay Voa Tsara Nafafy 16 Jona 2018

**16** **Asabotsy**
jona

**... amin'ny fanantenana ny fiainana mandrakizay izay nampanantenain'Andriamanitra tsy mahay mandainga hatry ny fony fahagola.** Titosy 1. 2

### Hazòny amin'ny teniny Andriamanitra

Mamatotra antsika ny tenintsika, hoy ny fiteny. Koa ilaina ny mitandrina tsara izay lazaina, sao dia voampanga hoe mandainga na tsy mitana ny teny nomena. Andriamanitra kosa dia tsy mba manao fahadisoana, na oviana na oviana ; izay lazainy dia mifanaraka tanteraka amin'ny fiheviny sy izay tokony holazaina. Nambaran'Andriamanitra fa ny mpanota mitodika aminy, ka mibebaka noho ny tsy fankatoavany, dia voavela heloka tanteraka ary manana ny fiainana mandrakizay. Miteny toy izany Izy, ao anatin'ny fiandrianany, satria tia antsika ary nanome an'i Jesosy ho fanatitra mba hanonitra ny fahotantsika rehetra. Isika ve tsy tokony hihazona an'Adriamanitra amin'ny teniny sy hino izay lazainy ? Ambarany rahateo, ao amin'ny Baiboly, fa izay tsy mino Azy, izay tsy mihazona Azy amin'ny teniny, dia manao Azy ho mpandainga (1 Jaona 5. 10).

Tsy miandry zavatra mahagaga avy aminao Andriamanitra, fa ny hanekenao tsotra fotsiny ny drafitra fampihavanana izay atolony anao. Izy no niandraikitra ny zavatra rehetra. Natolony ny fahasoavany, ny fiadanany, ary izany dia tsy mitaky afa-tsy zavatra iray loha, hoe ekeo fa Izy dia mahay manome izay tena ilain'ny fanahinao ao anatiny lalina ao, ary mahay manova anao tanteraka, manome fahafaham-po anao, ary mitari-dalana anao mba hanao ny tsara.

*Mpamonjy mendrika hitsaohana,*
*Nofatorana teo amin'ny hazofijaliana,*
*Natao toy ny olo-meloka,*
*Notorotoroina noho ny heloko,*
*Ny tebitebinao faratampony,*
*Ny fangirifirianao, ny fahorianao,*
*Dia samy milaza amiko hoe : Jereo fa tiako ianao,*
*Noraisiko ny famaizana anao.*

*Miantso ahy ny fitiavanao,*
*Inty aho, ry Mpamonjy malala !*
*Raiso ny tenako sy ny fanahiko*
*Fa saran'ny fangirifirianao !*
*Eny, ny fanahiko izay ravo*
*Manomboka izao dia tsy mitady intsony*
*Afa-tsy ny hiaina ny fiainanao,*
*Ho voninahitrao, ry Jesosy !*